

**Ny Ambasadaoro Robert P. Jackson, miatrika ny mpanao gazety**

**Filazana avy amin'ny masoivohon'ny Etazonia eto Madagasikara**

**1 Aprily 2014**



***« Vonona izahay hijery izay ho fiaraha-miasa vaovao fa miankina betsaka amin'ny fananganana ny governemanta vaovao »,* hoy ny Ambasadaoro Robert Jackson**

Nihaona tamin'ny mpanao gazety teto amin'ny tranon'ny Masoivoho Amerikana androany tolakandro Atoa Ambasadaoro Robert P. Jackson, Lefitry ny Sekreteram-panjakana Mpanampy Voalohany misahana an'i Afrika. Izy no vahiny amboly indrindra avy ao amin'ny Departemantam-pankana Amerikana nitsidika an'i Madagasikara hatramin'ny taona 2010. Nambarany tamin'ireo mpanao gazety fa nihaona tamin'ireo tompon'andraikitra ambony avy amin'ny sehatra samihafa teto amin'ny firenena izy nandritra ny andro vitsivitsy nivahinianany teto Madagasikara, anisan'izany ny filohan'ny repoblika Hery Rajaonarimpampianina sy ny

praiministra Omer Beriziky mba anorenana ny fototry ny fifandraisana vaovao eo amin'i Etazonia sy Madagasikara.




***« Miandry ny fananganana ny governemanta vaovao izahay alohan'ny hanafoanana ireo sazy… Ireo fanambarana nataon'ny filoha Hery Rajaonarimampianina teto, anisan'izany izay nambarany tany Washington, D.C., dia maneho ny firosoana amin'ny fiverenana amin'ny demokrasia… Vonona izahay hijery izay ho fiaraha-miasa vaovao miaraka amin'ny governemanta sy ny hanitarana izany ».*** Nambaran'ny Ambasadaoro Robert Jackson fa nihenjana ny fifandraisana teo amin'ny firenena roa tonta taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny 2009 ka nahatonga ny fanjakana amerikana hametraka ireo sazy nitarika ny fanesorana ny tombotsoa azon'i Madagasikara avy amin'ny AGOA (African Growth and Opoortunity Act sy ny MCA (Millennium Challenge Account).

Momba ny firaha-miasan'ny firenena roa tonta dia nambaran'ny Ambasadaoro Robert Jackson fa azo itarina izany satria na dia nandritra ny krizy aza dia mbola nahatratra 70 tapitrisa dolara ny fanampiana nomen'ny Governemanta Amerikana an'i Madagasikara teo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny fambolena sy fiompiana. Raha namaly fanontaniana momba ny fiaraha-miasa eo amin'ny tafika izy dia nambarany fa ny fitandroana ny filaminana an-dranomasina sy ny fikajiana ny tiontolo iainana dia laharam-pahamehan'i Etazonia maneran-tany.

UNITED STATES MISSION TO
MADAGASCAR

** Nous attendons la mise en place du nouveau gouvernement avant de lever les sanctions…* Les déclarations faites par le président Hery Rajaonarimampianina, ici et à Washington D.C., semblent indiquer une avancée vers le retour de la démocratie. Nous somme prêts à œuvrer dans la recherche de nouveaux accords de partenariat à élargir avec le [nouveau] gouvernement.

**Traduction de Jeannot Ramambazafy**